# Lioka 22:35-36 – Hafatra Mofonaina 15 Jolay 2024

## HAFATRA

### Lioka 22:35-36

**Teksta roa:** Ao amin'ny bokin'i Lioka, misy fanirahana milaza ny fampiantranoana sy ny misy hohanina (Luc 9:3 sy Luc 10:4). Ny Tompo dia manova ny zavatra satria miova ny zava-misy: Hiditra amin'ny fahafatesana Izy, hiatrika ny mpianany.

## Tsy Misy Lalam-be Migodana

Ny làlana iarahana amin'ny Tompo dia tsy lalana mahitsy fa miolaka:

- Tsy lalana marina fa miakatra sy midina.
- Jesoa sy ny mpianany miara-misakafo: Milaza ny heviny mikasika ny mpanara-dia Azy Izy, "Hapetrako ao amin'ny fanjakako." Mahafinaritra, vaovao mahafaly izany. Kanefa…

**PTQ:**

- Manara-dia ny Tompo: Faly misakafo, faly manantena ny Fanjakan'Andriamanitra. Ivelan'ny zava-misy dia mihevitra hoe voafitaka.

**ANTSO:**

- Efa nanomana ny Tompo: Tsy lalam-be migodana ny lalany fa lalana tery sy ety.
- Tsy hisakafo na hihirahira hanantena ny fanjakan'Andriamanitra fotsiny fa lalana misy sarotra.
- Tsy mora ny lalana, aza mandeha an-jambany fa jereo ny zava-misy.

- Aza mitsambiki-mikimpy fa jereo ny lavaka ianjerana. Miomana.

# Tsy Maintsy Misy Fiomanana

**Fiomanana 03:**

1. **Kitapom-bola**
2. **Kitapom-batsy**
3. **Sabatra** (Fampitaovana tsy azo ialana)

**Amidio ny lamba rehefa tsy manana:**

- Tsy miteny akanjo sy tehina eto ny Tompo fa sabatra.
- Sabatra tsy handrombaham-pahefana (Luc 22:38 sy Mt 26:52) fa hevi-panahin'ny Tenin'Andriamanitra ho fiatrehana ny fizahan-toetra (Heb 4:12 sy Eph 6:17).

**PTQ:**

- Aleon'ny olona tsy mitondra Baiboly toy izay tsy hiakanjo? (Tantaran'ny fanomezan'ny mpanjaka Baiboly nisy taratasim-bola)

**ANTSO:**

- Handeha miaraka amin'ny Tompo isika.
- Miomana fa miovaova ny lalany.
- Tandremo, aza adinoina ny Tenin'Andriamanitra fa zavatra tsy maintsy ilaina izany (Vatsy: Mt 4:4; Jiro: Ps 119:105; fiarovana: Ps 119:9).

# FEHINY

- Miaraha mandeha amin'ny Tompo Andriamanitrao.